Extrait du Madagascar-Tribune.com

http://madagascartribune.vahiny.com/Novain-ireo-dahalo-ny-volon-omby,5204.html

**Sakaraha : Halatra omby**

# Novain'ireo dahalo ny volon'omby

- Malagasy -

Date de mise en ligne : mercredi 5 mars 2008

**Madagascar-Tribune.com**

Novain'ireo dahalo ny volon'omby, saingy tsy nahatakona ny maha omby halatra azy izany. Saron'ny zandary tao Ankazoabo, anatin'ny distrikan'ny Sakaraha ireo dahalo enin-dahy nitondra omby halatra. Nampiahiahy ny fokonolona ireto omby nandalo tao an-toerana ireto, ka niantsoana zandary. Rehefa natao ny fisavàna dia nanana taratasy mazava ireo omby noroahina. nisy nahatsikaritra anefa ny fanovàna ny lokon'ny volon'omby ka nitatra ny fanadihadiana. Teo no sarona fa sandoka ihany koa ireo taratasy nampiasaina. Voalaza anefa fa taratasy mitovy amin'ny ara-dalàna mihitsy izy ireo. Notanan'ny zandary ireo omby halatra ary natolotra ny fitsarana kosa izy enin-dahy. Tsy nisy ny fifanjevoana teto fa nanaiky nosavaina ireo dahalo nandroaka ny omby.

Copyright © Madagascar-Tribune.com